REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

# FILAZANA

***Fanemorana ny fe-potoana farany handefasana ny antontan-taratasy mikasika ny kaontim-bolan'ny orinasa ary ny fanamarinana ataon'ireo mpahay kajim-bola ao amin'ny tambazotra "e-BILAN"***

Araka ny fanambarana nivoaka ny 26/03/2021 sy ny 12/05/2021, ireo antontan-taratasy mikasika ny kaontim-bolan'ny orinasa ho an'ny taom-piasana nifarana tamin'ny 31/12/2019 sy ny 31/12/2020 dia tsy maintsy alefa ao amin'ny *"e-BILAN"* mialoha ny 30/06/2021.

Noho ny fikirakirana io fomba filazana hetra vaovao io izay mitaky fotoana fizàrana ho an'ny mpandoa hetra, dia mampahafantatra ny Foibem-pitantanana Ankapobeny ny Hetra fa **ahemotra ny 31/07/2021 ny fe-potoana farany fametrahana ireo antontan-taratasy mikasika ny kaontim-bolan'ny orinasa ao amin'ny sehatra *"e-BILAN"***.

Tsy miova kosa ny momba ireo adidy amin'ny fanambarana ara-ketra azo avy amin'ny vola miditra (IR) voarakitra tao anatin'ny filazana nivoaka teo aloha ary mihatra hatrany ireo fepetra rehetra voalazan'ny andininy 01.01.15 ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobeny momba ny Hetra, ary ny andininy faha-10 tsipika faharoa ao anatin'ny Fanapahan-kevitra N°01-MFB/SG/DGI izay nivoaka ny 14/01/2013.

Raha mila fanampiana manokana na fanazavana fanampiny dia misokatra hatrany ny Cellule « e-HETRA » izay azo atonina amin'ireto laharana sy adiresy manaraka ireto :

- mailaka: ehetra@impots.mg
- laharan-tariby: **+261 32 12 015 04** na **+261 32 12 012 21**

Ny Foibem-pitantanana Ankapobeny ny Hetra dia mamerina hatrany ny fisaorana ny mpandoa hetra sy mpiara-miasa rehetra amin'ny fiaraha-mientana ho fantanterahana ny vinam-pametrahana ireo tolotra tsy an-kasika eto anivon'ny DGI.

Antananarivo, faha 7 JUIL 2021

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Ny Tale Jeneralin'ny Hetra

GERMAIN
*Inspecteur des Impôts*